RAVALO NIANTSENA TENY AMBOHIMANARINA

# «Manana vahaolana aho matoa mitsikera »

Teny Ambohimanarina ao amin'ny Boriboritany faha-6 eto Antananarivo Renivohitra indray no niantsena, sy nitafa mivantana tamin'ireo vahoaka sy mpivarotra omaly, ny filoha Marc Ravalomanana. Nambarany nandritra izany, fa manana vahaolana amin'ny olana eto amin'ny firenena izy matoa mitsikera ny tsy fahombiazan'ny fitantanan'ny mpitondra amin'izao fotoana. Noanteriny fa tokony homena ny toerana sahaza azy, hahafahany maneho hevitra ny mpanohitra, fa tsy atao halako bika tsy tiako tarehy. Zo ny maneho hevitra eny an-dalambe ampilaminana hoy izy. Tsy misy hanaraka ny mpanohitra raha toa ka mandeha amin'ny lalana tokony ho izy ny mpitondra, saingy tsy izay ny zava-misy, satria matoa mbola misy mpanaraka izy ireo dia leo sy vizaka ny olona hoy ny filoha Marc Ravalomanana.

Efa manjaka eto avokoa ny karazana krizy rehetra, toy ny krizy ara-pahasalamana, ara-toekarana, ara-tsosialy,... noho ny fitantanana ny firenena izay tsy mandeha amin'ny tokony ho izy.

Mila olona mahafehy azy ny fitantanana ny firenena hoy Ravalo, satria tsy andrakandrana izany fa tena izy. Mandroso mihemotra foana rehefa maka fanapahankevitra ny fitondrana Rajoelina hoy ihany i Dada.

Ankoatr'izay, mila manana ny tanjona kendrena ihany koa ny fitondrana ny firenena, fantarina ny hoenti-manana, hahafahana manatratra an'io, fa tsy be resaka be fahatany fotsiny.

Hatreto anefa dia izay no tena hita taratra amin'izao fitondrana izao.



Ny filoha Marc Ravalomanana, teny amin'ny tsenan' Ambohimanarina omaly.

Ary raha tena te-hanarina ny firenena tokoa dia tsy ny fisehosehoana hanao foto-drafitr'asa no maha maika raha amin'izao fotoana izao, toy ny building sy ny tariny, satria tsy izany no tena ilain'ny vahoaka. Famokarana eto an-toerana no tena tokony hilofosana, hoy ihany ny filoha nasionalin'ny vondron'ny mpanohitra RMDM sy ny antoko TIM.

**Nangonin'Isambilo**

Antananarivo, Fianarantsoa, Antsiranana

# Fitondrana tsy mahaloa volan'olona amin'ny Oniversite

Mitaraina avokoa amin'izao fotoana ny mpiasan'ny Oniversiten'i Fianarantsoa, Antsiranana ary Antananarivo, fa tsy voaloa ny volan''izay ireo. Fitondrana tsy mahaloa volan'ny mpiasan'ny Oniversite arak'izany izao ftiondran-dRajoelina izao. Ankoatra izany, miaina ao anatin'ny fahasahiranana tanteraka ny vahoaka malagasy, ireo mpitondra izay nanao fampanantenana mihoa-pampana, tsy hita izay vitany fa vao mainka aza manampy trotraka ny fahasahiranambahoaka.

Ny zava-mitranga tamin' ny faran'ny herinandro nisian'ny fihibohana teo dia nampiseho mibaribary ny tsy firahirahiana vahoaka nataon'ny fitondrana.

Tsy navela hitady vola ireo mpivarotra anana sy mpivarokena ary hanimasaka, f'ireo "épicerie" sy mpivaro-panafody hono no afaka mivarotra malalaka, ny dikan'izany dia tsy zava-dehibe ho an'ny mpitondra ny fiveloman' ny olona, fa ny fankahalana ny Filoha Ravalomanana no mibahana ao antsain'ny mpitondra, tsy mahagaga raha ny mpivarotra teny Ambohidahy Ankadindramamy, izay nandalovan'ny Filoha Ravalomanana, ka nivoahan'ireo fitarainambahoaka samihafa, no nokendaina voalohany, dia mody norarana koa ireo mpivarotra tany amin'ny faritra hafa.

Ireo mpitandro filaminana dia ireny niaraha-nahita ireny ny nataony, fa nopotehina ny entan'olona, dia miala ilany Ingahy " Préfet "nilaza fa nisy nisandoka hono ny fahefampanjakana, ka ho hita eo ny fanadihadiana mikasika izany, dia manantena ny vahoaka fa hisy tompon'andraikitra manampahefana hiditra eny amponja izany tsy ho ela.




Mpiasan'ny Oniversite any Antsiranana kere, tsy nahazo ny karamany 4 volana.

Hiditra hianatra ny ambaratonga rehetra eo amin' ny fampianarana, mikasika ny ambaratonga ambony dia somary mahatsikaiky ihany ilay fanapahankevitra navoak'Ingahy Filoha tamin'ny alahady teo, fa Alarobia hono no miditra ny mpianatra, kanefa ny fitaterana ny zoma vao misokatra, maro anefa ireo mpianatra no nody amin'ny ray amandreniny, ivelan'Antananarivo.

Ireo mpiasa mampihodina ireo Oniversite maro manerana ny nosy dia tsy nandray karama efa ambolana maromaro, ary ireo mpianatra hiditra hianatra raha ny tokony ho izy dia tokony hisitraka avy hatrany ny vatsimpianarana ary Ingahy Filoha efa nampanantena tamin' ny 22 Martsa 2021 teo, fa hivoaka tsy ho ela ny " carte bancaire ", dia ho hita eo izany ny fahalavorarian'izany.

Ny azo ambara dia tsy miasa saina amin'izay karaman'ny mpiasa tsy voaray ny mpitondra, izay ilay hoe tsy miraharaha ny fiainambahoaka.

Ingahy Naivo Raholdina dia lany andro mimenomenona sy marary fo amin'ny vahoaka zakan' ny Filoha Ravalomanana, fa tsy mijery izay fahasahiranana manjo ny vahoaka, eny Antanandrano boriborintany fahadimy izao dia misy ny fanjakazakan'ny karana mandroba ny fananan'ny malagasy, kanefa dia tsy nandrenesampeo Ingahy Depiote mpanao "kung fu", satria ny fitondrana arovany tsy natao hiaro ny Malagasy, fa satrin'ireo mpitondra aza vao maika mijaly ireo mpiray tanindrazana aminy.

Matetika ny Filoha Ravalomanana dia mamerimberina ny hoe: kapoakako ny mifandray amin'ny mpamatsy vola, ary nohazavainy tsara mihitsy fa ireo mpanome vola eo amin'ny sehatra iraisampirenena, dia mijery ny fahaiza-mitantan'izay mpitondra, nambaran'ny Filoha Ravalomanana fa misy ny antsoina hoe "capacité d'absorption" takiana amin'ny mpitondra, raha hazavaina tsotsotra izany dia ny fahaizana mampiasa ilay vola fanampiana azo, dia mazava fa tsy nahay izany ny mpitondra ankehitriny, sady tsy niezaka ny ho marina, satria tsy ny fahatrambahoaka no fahavalon'ireo mpitondra ireo.

Eto ampamaranana dia tsiahivina eto ny fampanantenana nataon'Ingahy Rajoelina izay nilaza, fa tsy handray karama hono izy fa omeny hanampiana ny any amin'ny faritra ny karamany, tsy misy ny porofo mampiseho izay tsy fandraisany karama izay, fa ny hita mibaribary dia ireo mpiasan'ny Oniversite sy mpampianatra Fram no tsy nandray karama, ireo orinasa nikojakoja ny lalana tsy mbola nahazo ny vola sahaza ny asa vitany.

Raha fehezina dia ny vahoaka mahantra no ilan' ny mpitondra kisa, fa tsy miasa saina izay fampandrosoana firenena izy ireo hiadiana amin'ny fahantrana.

**Ny Valosoa**

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fampianarana

# Tsy voapetraka amin'ny toerana sahaza ho azy ny raiamandreny

Nisongadina nanamontsanana ny fiainan'ankohonana na fianakaviana, ka nampihena ny lanjan'ny ray aman-dreny sy ireo raiamandreny mendrika hohajaina fatratra ireo taona folo farany teto amin'ny firenena. Nipoitra tamin'ny fotoanan'ny fanongana-panjakana izany, izay namingavingana azy ireo na ihany koa ireo lehibe teo amin'ny sehatra samihafa hatrany amin'ny saropady tena ilàna fanajàna tanteraka. Mipetraka ho tantara ny zava-nisy teny amin'ny toby Ampahibe ny taona 2010, namingavingan'ny miaramila tokony ho baikoina ny manam-boninahitra ambony ministra.,

Fositra iray lehibe sy aretin-dratsy mitady hikiky ny soatoavina maha Malagasy, sy manapotika ny fototra mampijoro ny fahendrena Malagasy ny fironantsaina sy fiheverana misisika, fa mila omena toerana ny tanora ary tokony hipetraka hiàla sisiny amin'izay ny olon-dehibe sy zokiolona eo amin'ny fitantanampirenena. Noezahina novoizina io nanomboka ny taona 2009 nikotrehin'ireo olom-bitsy ny fanongana-panjakana teto. Tena niharihary fa niniana nikimpiana fotsiny tsotra izao, tao anatin'izany, ny tena maha Malagasy ny Malagasy. Fa hamolavola tanora Malagasy manao ahoana moa no tiana hotratrarina tamin'ny tanjona nanomboka ny taona 2009 no mankaty, ho an'ireo mamba noana amin'ny fahazoana seza sy fitondrana? Tsy misy soritra mazava ny amin'izany, fa mandeha fahoany fahoany fotsiny. Rehefa mahazo seza sy fitondrana ary migoka tombontsoa manokana dia izay. Loza mitatao ho an'ny firenena izany. Tsy mieloelo an-doha mihitsy amin'io ilay teny fananarana "mitsipa-doha laka-nitana".

Tsy hita mazava hatreto, ao anatin'izao fitondrana izao, ny fanomezan-kasina ireo ray amandreny sy raiamandreny izay zokiolona ireo. Nisy fotoana noviraviraina mihitsy aza teto amin'ny firenena ny anarana "loholona" teny amin'ny toerana izay noheverina anomezan-kaja amam-boninahitra azy ireo. Niseho niharihary izany teny amin'ny Lapa natokan'ny firenena ho azy ireo. Nisy olona mbola tsy nipia-bolo akory, fa azo lazaina ho zandry olona aza, dia tsy henatra tsy tahotra nieboebo teny. Vao tsy ela ihany koa, voatendry na voafidy ho loholona no nanao fihetsika tsy mendrika sy tsy maotina maha mendrika an'izany sokajin'olona izany. Mazava loatra, fa tena nampikorosy ny lanja sy manapotika ny amin'ny fiheverana azy ireo izany, ary tsy maintsy hisy fiantraikany ihany koa eo anivom-piarahamonina.

Ny ray aman-dreny fanàja, fa izy ireo no loharano nipoirana, ary tsy hahasoa velively ny fanaovana tsinontsinona azy ireo. Maneho ny fiongotam-paka rahateo ny fanilihana ny raiamandreny eo amin'ny seha-pitantanana ny firenena. Maneho tsy fahamatorana tanteraka sy hamaivanan-tsaina ihany koa ny fieboeboana fa mahavita tena irery ny tanora ary tsy mila miaraka amin'izy ireo eo amin'ny raharahampirenena. Tsy hisy firenena ho vanona, fa hanapotika mihitsy azy aza, raha manome vahana io fisainana tsy mandinika lavitra io. Fa mbola feno fahendrena lalina ilay fitenenana hoe" ny ela nihetezana lava volo", ary misy dikany lehibe ny fanantitranterana ny fanajàna azy ao amin'ny baiboly kristiana. Tsy hita soritra ezahin'izao fitondrana izao mba hitoetra izany.

**Aris**

Tarehimarika Covid-19

# 4 namoy ny ainy, 76 tranga vaovao, 163 ny tranga misy fahasarotana

Tarehi-marika momba ny valanaretina coronavirus ny 30 mey lasa teo teto Madagasikara: 76 tranga vaovao hita tamin'ireo 573 nanaovana fitiliana ny 30 mey : 36 Analamanga, 1 Sofia, 3 Menabe, 6 Atsimo Atsinanana, 1 Matsiatra Ambony, 9 Diana, 2 Itasy, 1 Androy, 3 Menabe, 8 Atsimo Andrefana, 5 Vakinankaratra, 1 Boeny.

82 no sitrana soamantsara teto Madagasikara ny andron'ny 30 mey 2021 io.

4 no matin'ny Covid-19 ny 30 mey : 2 Analamanga, 1 Ihorombe, 1 Androy. Tafakatra 839 ny isan'ny olona namoy ny ainy noho ny aretina Covid-19 hatramin'izay nidirany teto Madagasikara tamin'ny volana martsa 2020.

163 kosa no misy trangana fahasarotana ankehitriny.

**Stefa**




Tarehi-marika momba ny coronavirus afak'omaly.